# Thou Art the Christ

By Sister Amy A. Wright
*First Counselor in the Primary General Presidency*

# Hianao no Kristy

Nataon-drahavavy Amy A. Wright
*Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidian'ny Kilonga maneran-tany*

April 2025 general conference

---

*We want our children to believe in Jesus Christ, belong to Jesus Christ and His Church through covenant, and strive to become like Jesus Christ.*

*Tiantsika ny zanatsika mba hino an'i Jesoa Kristy, ho an'i Jesoa Kristy sy ho mpikambana ao amin'ny Fiangonany amin'ny alalan'ny fanekempihavanana, ary hiezaka ny ho tonga tahaka an'i Jesoa Kristy.*

When our son Eli was in fourth grade, his class set up a mock government where he was elected by his peers to serve as class judge. One day a sitting judge from the Utah Second District Court visited, put his official robes on Eli, and then administered an oath of office for their class. This ignited in Eli's young, impressionable soul a passion for studying law and the Lawgiver Himself, Jesus Christ.

Fony tao amin'ny kilasin'ny taona fahaefatra ny zanakay lahy dia nametraka sarisarina fitondram-panjakana ny tao an-dakilasiny, ka i Eli no nofinidin'ny mpiara-mianatra aminy ho mpitsara tao an-dakilasy. Indray andro, nitsidika azy ireo ny mpitsara am-perinasa avy tao amin'ny tribonalin'ny Distrika faharoan'ny Utah, ka nampitafy an'i Eli ny fanamiany ôfisialy, ary avy teo dia nampanao fianianana azy tao an-dakilasiny. Izany dia nampitsiry tao anatin'ny fanahin'i Eli, izay mbola tanora sy mora mandray tokoa, ny fitiavana handalina ny momba ny lalàna sy ilay Mpanome Lalàna mihitsy dia i Jesoa Kristy.

After years of diligent effort, Eli received an invitation for an interview with one of his top choices for law school. He pronounced, "Mom, I was asked 10 questions. The final question was, 'Where do you derive your moral compass?' I stated that throughout history humankind has derived systems of morality by patterning their lives from archetypes. The archetype of morality I strive to pattern my life from is that of Jesus Christ. I stated if all of humanity abided by the teachings of Jesus Christ in the Sermon on the Mount, the world would be a better, more peaceful place." Then the interview ended, and he thought to himself, "There go my childhood dreams. No one in secular academia wants to hear about Jesus Christ."

Taorian'ny taona maro nanaovana ezaka tamim-pahavitrihana dia nahazo fanasana mba hanao tafa sy dinika amin'ny iray amin'ireo sekoly fianarana lalàna tena malaza izay nosafidiny i Eli. Niteny izy hoe, "Neny a! Fanontaniana niisa 10 no napetraka tamiko. Ny fanontaniana farany dia hoe, -Avy aiza no nahazoanao ny fenitra ara-pitondrantena arahinao?- Nolazaiko fa nandritra ny tantaran'izao tontolo izao, dia nahazo rafitra ara-pitondrantena ny olombelona tamin'ny alalan'ny famolavolan'ny fiainany, avy amin'ny olona manana toetra miavaka. Ny olona manana toetra ara-pitondrantena miavaka izay alaiko tahaka mba hamolavolako ny fiainako dia i Jesoa Kristy. Nolazaiko fa raha toa ny olombelona rehetra ka manaraka ny fampianaran'i Jesoa Kristy ao amin'ny Toriteny teo an-tendrombohitra dia ho toerana tsara sy hilamina kokoa

izao tontolo izao." Nifarana ilay tafa sy dinika taorian'izay ary nieritreritra tao an-tsainy izy hoe, "Rava ireo nofinofiko hatry ny fony mbola kely. Tsy misy na iza na iza te haheno momba an'i Jesoa Kristy izany aty amin'ny tontolon'ny fampianaran'izao tontolo izao."

Two weeks later, Eli was admitted with a scholarship. Before committing, we visited the campus. The law school looked like a castle and was set high on a hill overlooking a beautiful lake. Remarkably, as we walked through the magnificent library and stately corridors, we found on banners and carved in stone attributes from the Sermon on the Mount.

Roa herinandro taty aoriana dia voaray sady nahazo vatsim-pianarana i Eli. Nitsidika ilay oniversite izahay mialohan'ny hanolorany tena hianatra ao. Niendrika toy lapan'ny mpanjaka ilay sekoly fianarana lalàna ary naorina teny amina havoana iray izay nahatazana farihy tsara tarehy. Ny zavatra niavaka rehefa namakivaky ilay tahirim-boky mahatalanjona sy ireo lalantsara tsara tarehy izahay, dia hitanay teny amin'ireo faneva sy soratra voasokitra teny amin'ny vato ireo toetra avy ao amin'ny Toriteny teo an-tendrombohitra.

The Sermon on the Mountis decisively the most noteworthy discourse ever delivered,pioneering in its teachings. No other sermon can help us better understand the character of Jesus Christ, His divine attributes,and our ultimate purpose to become like Him.

Ny Toriteny teo an-tendrombohitrano lahateny tena faran'izay miavaka indrindra nozaraina hatramin'izay,izay toa ny nisava lalana ny fampianarana nozarainy. Tsy misy toriteny hafa ankoatra izany afaka manampy antsika hahatakatra tsara kokoa momba ny toetran'i Jesoa Kristy sy ireo toetrany amin'ny maha-Andriamanitra Azy,ary ny tanjontsika faratampony mba ho tonga tahaka Azy.

Lifelong discipleship of Jesus Christ begins in our homes—and in Primary as early as 18 months of age. We want our children tobelievein Jesus Christ,belongto Jesus Christ and His Church through covenant, and strive tobecomelike Jesus Christ.

Ny maha-mpanaradia an'i Jesoa Kristy mandritra ny fiainana dia manomboka ao an-tokantranontsika sy any amin'ny Kilonga raha vao 18 volana monja ny zaza. Tiantsika ny zanatsikahinoan'i Jesoa Kristy,hiombonaao amin'i Jesoa Kristy sy ny Fiangonany amin'ny alalan'ny fanekempihavanana, ary hiezaka ny hotongatahaka an'i Jesoa Kristy.

## Believe in Jesus Christ

First, believe in Jesus Christ.

After the bread of life sermon, "many of [the Lord's] disciples" found it hard to accept His teachings and doctrine, and they "went back, andwalked no more with him."Jesus then turned to the Twelve and asked a heart-wrenching question: "Will ye also go away?"

## Minoa an'i Jesoa Kristy

Voalohany, minoa an'i Jesoa Kristy.

Taorian'ilay toriteny momba ny mofon'aina dia hitan'ny "maro tamin'ny mpiana[try ny Tompo]" fa sarotra ny nanaiky ireo fampianarany sy ny fotopampianarany, ka dia "nihemotra katsy niara-nandeha taminy intsony" izy ireo.Nitodika tany amin'ny Roambinifololahy avy eo i Jesoa ka nanontany tamin'alahelo lehibe hoe: "Hianareo koa va mba te-hiala?"

Peter responded:

"Lord,to whom shall we go? thou hast the words of eternal life.

"… We believe and are sure that thou art that Christ, the Son of the living God."

Namaly i Petera hoe:

"Tompo ô,hankany amin'iza moa izahay? Hianao no manana ny tenin'ny fiainana mandrakizay.

"… Ary izahay mino ka mahalala fa Hianao no Ilay Masin' Andriamanitra."

As Peter demonstrated, belief is "to have faith in someone or to accept something as true."And for our faith to lead to salvation, it must be centered in the Lord Jesus Christ."We … exercise faith in [Jesus] Christ when we have an assurance that He exists, [an understanding] of His [true] character [and nature], and a knowledge that we are striving to live according to His will."

I Petera dia naneho fa ny finoana "dia mino olona na manaiky zavatra ho marina."Ary mba ahafahan'ny finoantsika mitondra antsika any amin'ny famonjena, dia tsy maintsy mifantoka amin'i Jesoa Kristy Tompo izany."Mampihatra ny finoantsika an'i [Jesoa] Kristy isika rehefa manana fahatokiana fa misy Izy, sy rehefa manana [fahatakarana] ny [tena] toetrany ary rehefa manana fahalalana fa miezaka miaina araky ny sitrapony isika."

Our beloved prophet, President Russell M. Nelson, declared, "Faith in Jesus Christ is the foundation of all belief and the conduit of divine power."

How can we help children strengthen their belief in Jesus Christ and access His divine power? We need to look no further than to our Savior Himself.

"[The Lord] spake unto the people, saying:

"Behold, I am Jesus Christ. …

"Arise and come forth. …

"… The multitude went forth, and thrust their hands into his side, and did feel the prints of the nails in his hands and in his feet; and this they did do, going forth one by one … and didseewith their eyes and didfeelwith their hands, and didknowof a surety and didbear record, that it was he."

Nanambara ny Filoha Russell M. Nelson mpaminany malalantsika hoe: "Ny finoana an'i Jesoa Kristy no fototry ny finoana rehetra sy fantsona hahazoana ny herin' Andriamanitra."

Ahoana no ahafahantsika manampy ny ankizy hampatanjaka ny finoan'izy ireo an'i Jesoa Kristy sy hahazo ny heriny masina? Tsy mila mitady lavitra kokoa noho ny Mpamonjy antsika mihitsy isika.

"Niteny tamin'ny vahoaka [ny Tompo] nanao hoe:

"Indro, Izaho no Jesoa Kristy. …

"Mitsangàna ary mankanesa aty Amiko. …

"… Nandroso ny valalabemandry ary napetrany teo amin'ny lanivoany ny tanany, ary notsapainy ny diam-pantsika teo amin'ny tanany sy ny tongony; ary izany no nataony, rehefa nandroso tsirairay ireo …, aryhitanytamin'ny masony synotsapainytamin'ny tanany aryfantanymarina tokoa aryvavolombelona manambaraizy ireo fa Izy no Ilay efa nosoratan'ny mpaminany fa ho avy."

I invite you to ponder what this can look like in the life of young children. Do theyheartestimonies of Jesus Christ and His gospel? Do theyseereverential, worshipful images of His ministry and godhood? Do theyfeeland recognize the Holy Ghost testifying of His reality and divinity? Do theyknowof His message and mission?

Manasa anareo aho hisaintsaina ny mety ho endrik'izany eo amin'ny fiainan'ireo ankizy kely. Moa ve izy ireomahenofijoroana ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy sy ny filazantsarany? Moa ve izy ireomahitasary feno fanajana sy fitsaohana izay maneho ny asa fanompoana nataony sy ny maha-Andriamanitra Azy? Moa ve izy ireomahatsapasy mahafantatra ny Fanahy Masina izay mijoro ho vavolombelona ny amin'ny tena fisiany sy ny maha-Andriamanitra Azy? Moa ve izy ireomahafantatrany hafany sy ny asa nanirahana Azy?

## Belong to Jesus Christ and His Church

Second, belong to Jesus Christ and His Church.

King Benjamin's people experienced a mighty change of heartand by covenant dedicated their lives to doing God's will. Because of the

## Miombona ao amin'i Jesoa Kristy sy ny Fiangonany

Faharoa, miombona ao amin'i Jesoa Kristy sy ny Fiangonany.

Ny vahoakan'i Benjamina Mpanjaka dia niaina fiovam-po mahery vaikaary nanokana ny fiainan'izy ireo hanaovana ny sitrapon' Andri-

covenant they made with God and Jesus Christ, they were “called the children of Christ, his sons, and his daughters.”As members of The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints, we have a covenantal responsibility to build His kingdom and prepare for His return.

amanitra tamin’ny alalan’ny fanekempihavanana. Noho ny fanekempihavanana nataon’izy ireo tamin’ Andriamanitra sy i Jesoa Kristy dia nantsoina hoe “zanak’i Kristy … , dia zanany lahy sy zanany vavy” izy ireo.Amin’ny maha-mpikamban’ Ny Fiangonan’i Jesoa Kristy ho an’ny Olomasin’ny Andro Farany antsika dia manana andraikitra amin’ny maha-olona nanao fanekempihavanana antsika isika mba hanorina ny fanjakany sy hanomana ny fiverenany.

How can we help children make and keep sacred covenants? In theCome, Follow Memanual, in appendix A and B, we find conversation starters and lessons that will empower families and support teachers and leaders in their sacred responsibility to prepare children for a lifetime on God’s covenant path.

Ahoana no ahafahantsika manampy ny ankizy hanao sy hitandrina fanekempihavanana masina? Ao amin’ny boky torolalanaAvia, hanaraka Ahyao amin’ny tovana A sy B, dia ahitantsika hevitra hanombohana fifampiresahana sy lesona, izay hanome hery ny fianakaviana sy hanohana ny mpampianatra sy ny mpitarika, ao anatin’ny fitantanan-draharaha masin’izy ireo, mba hanomana ny ankizy ho eo amin’ny lalan’ny fanekempihavanan’ Andriamanitra mandritra ny androm-piainany.

## Become like Jesus Christ

Third, become like Jesus Christ.

In the Book of Mormon, the Savior admonished His newly called disciples to emulate Him as closely as possible: “What manner of men ought ye to be? Verily I say unto you, even as I am.”

## Tonga tahaka an’i Jesoa Kristy

Fahatelo, tonga tahaka an’i Jesoa Kristy.

Ao amin’ny Bokin’i Môrmôna, ny Mpamonjy dia namporisika ireo mpianany vao nantsoina mba haka tahaka Azy akaiky araka izay azo atao: “Koa, tokony ho karazana olona toa inona moa ianareo? Lazaiko aminareo marina tokoa, ho toa Ahy.”

How can we help baptized and confirmed children fulfill their covenantal responsibility to gather themselves and others unto Jesus Christ?Lifelong discipleship requires us to “be … doers of the word, and not hearers only.”

Ahoana no ahafahantsika manampy ankizy vita batisa sy noraisina ho mpikambana, mba hanatanteraka ny andraikitr’izy ireo amin’ny maha-olona nanao fanekempihavanana azy ireo, mba hampivondrona ny tenan’izy ireo sy ny hafa ao amin’i Jesoa Kristy?Ny maha-mpianatra mandritra ny fiainana dia mitaky antsika ho “mpankatò ny teny … fa [tsy] mpihaino fotsiny ihany.”

When extending invitations to the Lord’s youngest disciples, please take every opportunity to lead them, guide them, walk beside them, and help them find the Way.Counsel with these precious little ones as they prepare to teach,testify,pray,or serveso they are confident and experience joy in fulfilling their responsibilities. Seek inspired ways to help them come to know this is their Church and they have a vital role to play in preparing for the Savior’s return.

Rehefa manolotra fanasana an’ireo zandriny indrindra amin’ny mpianatry ny Tompo ireo ianareo, dia aoka ianareo hanararaotra ny fotoana rehetra mba hitarihana azy ireo, hitantanana azy ireo, sy hiara-mandeha amin’izy ireo ary hanampiana azy ireo hahita [Ny Lalana Mankany].Mifampiresaha amin’ireo ankizy sarobidy ireo rehefa miomana ny hampianatra izy ireo,na hijoro ho vavolombelona,na hivavaka,na hanompomba hananan’izy ireo fahatokian-tena sy mba hiainan’izy ireo fifaliana rehefa manatanteraka ny andraikiny izy ireo. Mikatsaha fomba entanim-panahy mba hanampiana azy ireo hahafan-

As Jesus Christ becomes the focus of our lives, what we desire, and how we desire it, is forever altered. Conversion changes everything! It changes our nature “that we have no more disposition to do evil, but to do good continually.”It changes how we spend our time, our resources; what we read, watch, listen to, and share. It even changes how we respond in a distinguished, academic, career-on-the line interview.

We need to infuse the Light of Jesus Christinto every corner of our lives.If we are not testifying to the veracity of His premortal godhood,His divine mission,and His prison-bursting Resurrectionin our homes and in every single meeting of this Church, then our messages of love, service, honesty, humility, gratitude, and compassion can become nothing more than a jaunty pep talk of thoughtful living. Without Jesus Christ there is no power to change, no purpose to aspire to, and no reconciliation of the travails of life. If we become casualin our discipleship of Jesus Christ, it could be catastrophic for our children.

When we tell our children we love them, are we also telling them that their Father in Heaven and Savior Jesus Christ love them?Our love may comfort and inspire, butTheirlove can sanctify,exalt,and heal.

This Jesus should not be a fictional Jesus,or a simplistic Jesus,or a bodiless Jesus,or a casual Jesus,or an unknown Jesus,but a glorified,omnipotent,resurrected,exalted,worshipful,powerfulOnly Begotten Son of God,who ismighty to save.And as a young child in the Philippines compellingly testified to me one day, “We are worth saving!” In the sacred and holy name of Him “whom God

tatra fa Fiangonan’izy ireo ity ary manana anjara asa lehibe izy ireo eo amin’ny fanomanana ny fiverenan’ny Mpamonjy.

Rehefa i Jesoa Kristy no lasa ifantohan’ny fiainantsika dia miova mandrakizay ny zavatra irintsika sy ny fomba faniriantsika izany. Mampiova ny zavatra rehetra ny fiovam-po! Manova ny toetrantsika izany “ka tsy manana fironana hanao ratsy intsony [isika] fa ny hanao soa lalandava kosa.”Manova ny fomba fampiasantsika ny fotoanantsika sy ny fananantsika izany ary manova ny zavatra vakintsika, jerentsika, sy henointsika ary zaraintsika. Manova ny fomba fiatrehantsika tafa sy dinika tena manan-danja momba ny fianarana izay hamaritra ny asa tiana hatao aza izany.

Mila mampiditra ny fahazavan’i Jesoa Kristyeo amin’ny lafiny rehetra eo amin’ny fiainantsika isika.Raha toa isika any an-tokantranontsika sy any amin’ireo fivoriana tsirairay ao amin’ity Fiangonana ity ka tsy mijoro ho vavolombelona momba ny fahamarinan’ny efa naha-Andriamanitra Azy tany amin’ny fiainana talohan’ny nahaterahana,sy momba ny fahamarinan’ny asa masina nanirahana Azy,ary momba ny fahamarinan’ny Fitsanganany tamin’ny maty izay namaha ny gadran’ny olona rehetradia ho lasa teny fandrisihana mahafinaritra mba hananana fiainana voahevitra fotsiny ihany ilay hafantsika mifono fitiavana, asa fanompoana, fahitsim-po aman-tsaina, fanetrentena, sy fankasitrahana ary fangorahana. Raha tsy eo i Jesoa Kristy dia tsy hisy hery hiovana, tsy hisy tanjona andrandraina ary tsy hisy hahafahana mandamina ireo olan’ny fiainana. Raha lasa tsy raharahantsikany maha-mpanaradia an’i Jesoa Kristy antsika, dia ho zava-doza ho an’ny zanatsika izany.

Rehefa milaza amin’ny zanatsika isika fa tiantsika izy ireo, moa ve lazaintsika amin’izy ireo koa fa tia azy ireo ny Rain’izy ireo any An-danitra sy i Jesoa Kristy Mpamonjy azy ireo?Ny fitiavantsika dia afaka mankahery sy manentana ny fanahy, saingy ny fitiavan’Izy ireokosa dia afaka manamasina,sy manandratra,ary manasitrana.

I Jesoa Kristy dia tsy tokony ho Jesoa foronin’ny eritreritra,na ho Jesoa manan-toetra tsotsotra fotsiny,na ho Jesoa tsy manana vatana,na ho Jesoa tsy dia raharahiana,na ho Jesoa tsy fantatra tsara,fa tokony ho Jesoa be voninahitra,tsitoha,nitsangana tamin’ny maty,nasandratra,mendrika ny hoderaina,mahery,Zanaka Lahitokan’ Andriamanitra,izaymahery ka mahavonjy.Nijoro

hath set forth to be [the great] propitiation,"Jesus Christ, amen.

ho vavolombelona tamiko tamin'ny fomba naharesy lahatra ny ankizy iray tany Philippines indray andro hoe, "Mendrika ny hovonjena isika!" Amin'ny anarana masin'ilay "nasehon' Andriamanitra ho fanavotana [lehibe],"dia i Jesoa Kristy, amena.